Asaramanitry ny TIM Atsimondrano

# Ny lasa momba ny lasa, hampiombona isika hoy Ravalo



*Ny filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny Magro Tanjombato ny sabotsy teo.*

Tontosa ny sabotsy teo teny amin'ny Magro Tanjombato, ny Asaramanitry ny taom-baovao ho an'ny antoko TIM Antananarivo Atsimondrano. Nanotrona ny fotoana ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana, ireo olom-boafidy : depiote avy amin'ny antoko TIM, notarihan'ny depiote voafidy tao amin'ity distrika ity, Alain Ratsimbazafy, ireo ben'ny tanàna sy mpanolotsaina voafidy avy amin' ny antoko ao Atsimondrano, ny solontena avy amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Tonga maro tokoa ireo mpikatroka niatrika izany fotoana izany. Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany fa :"ny lasa momba ny lasa, hampiombona isika. Nanotrona ny fifampiarahabana tratry ny taona 2023 an'ny Tiako i Madagasikara Atsimondrano izay natao teto amin'ny Magro Tanjombato ny tenako, ary nanentana ihany koa ny olom-pirenena, mba tsy hanao ambanin-javatra ny fisoratana anarana ho ao anaty lisi-pifidianana eny anivon'ny fokontany. Zava-dehibe loatra ny mifidy ary tsy tokony hatao ambanin-javatra, raha tena miandràndra fanovana eto amin'ny firenena isika. Hajao ny demokrasia, sy ny fahafahana maneho hevitra malàlaka, araka izay voalazan'ny lalàm-panorenana. Zon'ny olom-pirenena no mifidy, tsara raha malalaka ny rehetra amin'ny fanentanana ny vahoaka hisoratra anarana anaty lisi-pifidianana, " hoy izy. Mbola ambany ny tahan'ny olona nisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ao Atsimondrano, hanohy ny fanentanana ny olona hiditra amin'izany lisi-pifidianana izany izahay, hoy ihany koa ny depioten'Atsimondrano Alain Ratsimbazafy. Natomboka tamin'ny fotoambavaka lehibe izao fifampiarahabana tratry ny taona tao amin'ny Magro Tanjombato izao, satria : "ankino amin'i Jehovah ny asanao, dia ho lavorary izay kasainao", anisan'ny loha-hevitra tamin'izany.

**Isambilo**

TIM Nosy-Be

# Miantso ny filoha Ravalomanana hirotsaka hofidiana



*Fivorian'ireo mpitarika ny antoko TIM tany Nosy-Be.*

Nanatanteraka fihaonana ny mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny distrikan'i Nosy-Be faritra Diana ny faran'ny herinandro teo. Niray feo izy ireo nandritra izany, niantso ny filoha Marc Ravalomanana hirotsaka hofidiana ho filohampirenena indray, amin'ny fifidianana ho filoha amin'ny volana novambra amin'ity taona ity. Arak'izany, mihetsika avokoa amin'izao fotoana, ireo rantsamangaikan'ny antoko TIM manerana an'i Madagasikara, araka ny toromarika nomen'ny filoha Ravalomanana. Nisy ny fivoriana nataon'izy ireo tany Hell-Ville ny alahady 25 febroary 2023 teo, nandinihana ny hetsika atao hampandehanana bebe kokoa hatrany ny antoko TIM . Nandritra izany, niditra nivantana tamin'ny alalan'ny telefônina ny filoha Marc Ravalomanana. Teo no nilazany ny mpikatroka Tim, hanentana ny olona rehetra feno taona hiditra ao anaty lisi-pifidianana.

**Stefa**

Primatiora Mahazoarivo

# Mitohy ny ady mangatsiaka eo amin'i Christine sy i Christian

Tao aorian'ny fifampiarahabana tratry ny taona ny FIZAFAFI: Fikambanan' ny Zanaky ny Faritanin'i Fianarantsoa, tao amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony ny faran'ny herinandro teo dia hita sy tsapa, fa mitohy ny ady mangatsiaka eo amin'i Christine sy i Christian, na ny ady mangatsiaka eo amin'ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, sy ny Praiminisitra Christian Ntsay. Raha ny nambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena nandritra io fihaonambe io, mitaky ny toeran'ny Praiminisitra ny FIZAFAFI, ho takalon'ny vaton'izy ireo ho an'ny filoha Andry Rajoelina amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy. Midika fa tsy ankasitrahany ny mbola maha-lehiben'ny governemanta an'i Christian Ntsay. Efa hatramin'ilay fitsipaham-pitokisana ny governemanta, ka nahavoriana sonia miisa 105 no nitranga izao disadisa sy ady mangatsiaka eo amin'ny filohan'ny eny Tsimbazaza sy ny eny Mahazoarivo izao, fitsipaham-pitokisana izay najanona noho ny antony tsy fantatra, nefa ny fanaovan-tsonia efa voapetraka toy ireny dia tokony hotohizana hatramin'ny latsa-bato izany. Miha-mamay foana arak' izany ny ady anatiny eo amin'ireo mpomba an'i



*Ny filohan'ny Antenimierampirenena, sy ny Praiminisitra eto amintsika.*

Andry Rajoelina amin'izao fotoana, efa noresahana teto amin'ny gazety izany ny herinandro lasa teo. Tsy fifanarahana eo amin'ny ministra Lalatiana sy ny depiote Rossy, fifandrafiana eo amin'ny sekreteram-panjakana amin' ny zandarimariam-pirenena ny jeneraly Serge Gellé, sy ny governoran'ny faritra Sofia ny jeneraly Lilyson René,… Fa momba ny fanambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena ny faran' ny herinandro teo, tsy mitovy hevitry ny Zanak'i Fianarantsoa amin'ny fampidirana politika ao amin'ny fikambanana, ka tsy maintsy ho voazarazaran'ny politika ihany ity fikambanana ity. Tsy vitsy ireo mitsipaka ny fanambaran'i Christine ny faran' ny herinandro teo iny. Tsy nifanarahana ny voalazan'ity filohan'ny andrimpanjakana mpanao lalàna eto amintsika ity, hoy izy ireo.

**Isambilo**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Skoto

# Vonona ho mpanara-maso ny fifidianana hatao eto amintsika

Maro ireo skoto naneho ny fahatanjahany tao anatin'izay fotoam-pankalazana maneran-tany azy ireo izay, ny herinandro lasa teo iny, ka nanehoany mazava fa na Kiady, na Antily sy Fanilo, na Tily sy Mpanazava dia mpiray dia avokoa eo amin'ny fanandratana ny firenena. Tsy vitsy araka izany ireo olona nilaza, fa mba tsara ihany koa raha izy ireny no omena fahefana hanaramaso ny fifidianana izay ho tanterahina amin'izao taona 2023 izao, satria mba misy trano fivavahana, eglizy sy tempoly avokoa ny tanàna, ary misy ny sampana skoto ao aminy, izay azo inoana fa afaka miandraikitra izany. Teo koa moa ireo nidera ny fiaraha-miasan' ny skoto, izay naneho fa iray tsy mivaky izy ireny, tsy nisalasala naneho izany tamin'ny fahitalavitra iray, izay mahay miara-dalana amin'ny zava-tsarotra sy mora hatrehina. Raha misy fanisam-bato atao hoy ireo sendra ny gazety amin'ny fokontany iray dia ry zareo no tokony hatao "ARBITRE " na mpitsara, hasaina miandraikitra ny fanisana sy fampitambarana vokatra amin'ny distrika iray sy mandefa ny tatitra eny am-potony na Ceni ohatra. Ireo skoto nanontaniana dia nilaza, fa tsy olana izany, miaraka amin'ny fiambenana ny toeram-pifidianana iray, satria asa masina sy soa avokoa ary voninahitry ny finoana samihafa. Mazava araka izany, fa raha tanteraka ny fanirian' ny maro toy izao, fiara-miasa eo amin'ny fokonolona sy ny fokontany, finoana sy ny sampana skoto, dia ho ampy olona tokoa ny toerana iray, mba hilamina ny andro malaza amin'izay fotoana izay. Ny mpitandro filaminana efa manana ny fitafiany, ny skoto manana ny akanjony. Fa ny sisa: izay hivezivezy amin'ny fotoan-dehibe toy ireny dia mba tokony hanana ny Badge famantarana ihany ohatra, dia mba mety hahazo dera sy vokatra tsar any rehetra amin'izay.

**Beharo**

## TONONKALO

## *Tsy mety aminay intsony*

Ny anay efa tongotra mby an-dakana,
Na iza hijoro sy hanelingelina.
Tsy hanova inona inona raha izay sakana,
Tsy mety aminay intsony Rajoelina !

Na mbola hisy vola haparitadritaka
Na koa fanomezana hozaraina,
`Zahay efa leon`ny toky fitaka
Ka indro mijoro fa tonga saina !

Tsy maintsy faranana ny hetraketraka,
Satria raha mitohy dia vao mainka ho loza.
Ary rafitra tsara no `ndeha hapetraka,
Dia rafitra tsisy tamingam-poza.

Avia mivondròna ry mpianakavy
Fa tsara ny mba mampitovy feo,
Ary ny firariana, amin`ny taona ho avy:
Tsy hisy Rajoelina mbola ho eo !

**TSIMIMALO (25-02-23)**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Narindra A.